**VONTOVORONA** 4

# MPIVAROTRA VOASOLOKY MERIKIORA HOSOKA, VERY VOLA 5,4 TAPITRISA ARIARY

**MARINA IZANY !** 7

**MANOHINTOHINA ...!**


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7462 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 05 janoary 2023



**BANKY FOIBEN' I MADAGASIKARA** 3



## MANDEHA NY FANENDRENA NY GOVERNORA VAOVAO

**MAHERY LANTO MANANDAFY** 7

# NAVERINA ENY AMIN'NY FONJAN' ANTANIMORA INDRAY OMALY




**IAVOLOHA** 7

## NIFAMPIARAHABA TRATRY NY TAONA NY FILOHAM-PIRENENA SY NY GOVERNEMANTA

**HIRA EVANJELIKA SAROBIDY** 2

## NIVERINA AO AMIN'NY TARIKA "LES ADELINE"









Hira evanjelika

# Niverina ao amin'ny Les Adeline i Sarobidy

*Ainga vao hoan'ny tarika ny fiverenan' i Sarobidy.*

Niverina amin'ny taniny ny Jiosy ! Fomba fitenenana mahazatra andavanandron' ny olona io, izay nosintonina tao amin'ny tantara ao amin' ny Baiboly. Tsy mitovy amin'ilay tantara ao amin'ny Baiboly kosa anefa ny zavamisy eo anivon'ny tarika



**Izy no Sarobidy zanaka lahimatoan'i Adeline.**

"Les Adeline" fa antony hafa mihitsy. Niverina ho mpikambana ao amin'ny tarika ankehitriny i Sarobidy, zanaka lahimatoan'i Adeline. Izy no anisan'ny namelona ny hiran-dreniny voalohany, niaraka tamin'ireo namany rehefa nodimandry i Adeline. Taty aoriana, niofana ho mpitandrina i Sarobidy ary lasa pasitera, ka tsy afaka niaradia an'ireo iray tampo aminy nanohy ny hiran'ny reniny. Amin'izao fotoana, izany hoe ny faran'ny taona teo dia nilaza ampahibemaso tamin' ny alalan'ny pejy fesibokin' ny tarika izy fa hiverina amin' izay. Nandritra ny fanafanana ny alin'ny 31 desambra handray ny taona vaovao 2023 no niaraka voalohany indray izy mianadahy avy. Alim-bavaka fiaretan-tory tao amin'ny efitrano malalaky ny CAS 67 ha avaratra no niarahan'ny tarika nifaly sy nihoby niaraka tamin'ireo mpino marobe namaly ny antsony.

**Fy**

Mr Sayda

# Any Fianarantsoa no hanolotra fampisehoana "bonne année"

Amin'ny alahady ho avy izao ao amin'ny Kolejy Maria Manjaka Talatamaty Fianarantsoa i Mr Sayda no hanolotra fampisehoana voalohany amin'ity taona ity. "Bonne année", izay mihitsy no lohateny noraisiny hitondrâna izany fampisehoana izany. Efa hatramin'ny herintaona moa izy no niketrika ity fampisehoana ity ka dia izao tanteraka izao. Nomarihany moa fa efa elaela ny tenany no tsy nihaona tamin'ireo mpankafy avy ao amin'ny faritra Matsiatra ambony ka izay no tena antony nisafidianany an'ity toerana ity. Manantena izy araka izany fa ho maro ny mpankafy hamaly ny antso. Raha tsiahivina dia teto Antananarivo sy ny manodidina izy no nanafana ny fetin'ny faran'ny taona, nafana dia nafana ny ambiansy, nahatsiaro afa-po avokoa ny mpankafy sy ny mpanakanto tao anatin'izany. Izay no resaka fampisehoana, fa anisany vaovao be hatolotr'i Mr Sayda amin'ity taona ity ny hira vaovao. Efa manangasanga any izany amin'izao ary tsy ho ela dia hivoaka. Ilay hirany mitondra ny lohateny hoe: "ho entiko am-bavaka" iny moa no hira navoakany farany teo ary dia mbola mitohy hoy izy ny tantara ka dia aza miala lavitra.

**Tanya.R**



**I Mr Sayda. (Tahirin-tsary)**

"Dadane and Friends"

# Hitondra ny tantaram-piainany an-kira etsy amin'ny Pietra Analakely

Mandalo eto Madagasikara mamangy fianakaviana sady miala sasatra i Dadane amin'izao fotoana izao. Andrianina Dadane Rakotondravony no tena anarany fa Dadane no anarana entiny amin'ny mahampanakanto azy ary any Frantsa izy no mipetraka. Araraotiny ity fandalovany ity mba hihaonany amin'ny mpankafy sy mpanaraka azy hatrizay ka hanolotra fampisehoana tokana etsy amin'ny hotel Pietra Analakely izy rahampitso. Endrika kabare moa no hitondrany ity seho ity ary ireo hira malaza eto Madagasikara sy any ivelany hatramin'izay no ataony manomboka amin'ny 8 ora alina. Araka ny resaka nifanaovana taminy omaly



**Hitondra zavatra tsy ampoizina etsy amin'ny Pietra i Dadane and Friend.**

dia nilaza izy fa tsy latsaky ny 20 ireo hira ho kaloiny amin'io fotoana io. *"Atao vitsitsivy amin'izay matsiro tsara ka ireo hira izay nanamarika tamin'ny fiainako, hira tiako, tianay no hataonay ao"* hoy Dadane. 4 mianadahy ry zareo no hanolotra ny tsara avy any amin'io rahampitso io. I Dadane ho mihira, Sitraka Fidimihajamanana eo amin'ny "clavier", Titan Randriamasindrazana eo amin'ny amponga maro anaka ary Harty Andriambelo eo amin'ny gitara beso sady hanampy eo amin'ny feo lafika. *"Hitondra zavatra tsy ampozina izahay amin'ity seho ity satria sady fiarahabana tratry ny taona io no fihaonana amin'ny mpankafy sy mpanaraka hatramin'izay"* hoy hatrany i Dadane. Tia mozika sy mihira nanomboka tamin'ny faha-5 taonany i Dadane ary mandray anjara mihira foana rehefa misy fetim-pianakaviana. Nihira tamin'ny antokom-pihira tany am-pianarana foana hatramin'ny taona 2016 ary izao efa sahy mandeha irery izao. Rehefa misy Malagasy tonga any France dia izy no antsoin'izy ireo hanao feo lafika na manampy azy ireo mihira mihitsy. *"Io tantarampianako io no havohitrako mandritra ity seho etsy amin'ny Pietra ity"*.

**Tiaray Rakoto**

HOTSAKOTSAKOINA

"Tsy ekeko hanorotoro sy hanapaka ny amiko na hampitombo ny tarainako ny fitsapana mafy, fa ataoko ho zanatohatra hampiakatra sy hampidina ary hanatsara ny fiainako."

**Ny Vetso (05.03.14)**

("Les dures épreuves n'arrivent pas à nous briser, nous fortifient.")

Taekwon-do WT - "Mada 2023"

# Hifantenana ny solontenantsika hiatrika ny JIOI

Hanomboka anio ary hifarana amin'ny asabotsy izao any amin'ny kianja Soavita Toamasina, ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara 2023, eo amin'ny taranja Taekwon-do WT. Raha ny fanazavana azo teny anivon'ny federasiona, dia hitiliana izay handrafitra ny ekipampirenena Malagasy, hiatrika ny lalaon'ny Nosy 2023 izy ity, izay tsiahivina, fa tafiditra ho isan'ny taranjam-panatanjahantena, hifaninanana , mandritra ity andiany faha-11 ny JIOI ity. Raha hiverenana ny mahakasika ity fifaninanam-pirenena ity, izay ho an'ny sokajy rehetra, dia ligim-paritra 7 amin'ny 9 no handefa solontena, ahitana ny avy eto Analamanga, Matsiatra Ambony, Vatovavy, Vakinankaratra, Betsiboka, Alaotra Mangoro, Atsinanana, raha toa ka efa nanambara ny tsy fandraisany anjara ny avy any amin'ny ligin'i Boeny sy Atsimo Andrefana. Avy hatrany dia ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara, ho an'ny « Poomsae » no hisantatra ny fifaninanana amin'ny anio, ary hotohizana amin'ny Kyorugui na ny « combat » rahampitso sy afakampitso. Amin'ity andron'ny alakamisy ity moa no hanaovana ny filanjana, ho an'izany Kyorugui izany. Tsy misy ny fifaninanana ho an'ny isan-tarika fa natokana ho an'olon-tokana ihany, ny amin'ity andiany 2023 ity. Hampiarina mandritra izany fifaninanam-pirenena izany, ny "système electronique Daedoo", izay heverin'ny teknisiana eo anivon'ny federasiona, fa hanamora sy hamoaka tsara ny valin'ny ady. Marihana, vao mikasika ny aro kibo sy tratra ny daka dia mivoaka ny isa. Tsy hisy intsony izany ny olana sy disadisa, izay tsiahivina, fa ny fahitan'ny mpitsara no namoahana ny voka-dalao. Fantatra kosa, tsy hisy ny fivoriambe fanao arapotoana ho an'ny federasiona, noho ny tsy maha eto antoerana ny filohan'ny federasiona.



**Hangotraka ny katrok'ady manomboka anio any Toamasina.**

**Rabenaivo**

## Fandaharam-potoana

"KYORUGUI" . Zoma 6 janoary - Poussins (L sy v) : Sokajy rehetra - Pupilles I ( L sy V) : Sokajy rehetra - Pupilles II (L sy V) : Sokajy rehetra - Benjamins (L) : -21kg / -24kg / -27kg / -30kg - Cadets (L) : Sokajy rehetra - Cadets (V) : -47kg / -51kg / -55kg / +59kg - Juniors (L) : -48kg / -51kg / -55kg - Juniors (V) : -42kg / -44kg / -46kg / -49kg / -52kg - Seniors (L) : -54kg - Seniors (V) : -49kg Sabotsy 7 janoary - Benjamins (L) : -33kg / -37kg / -41kg / -45kg - Benjamins (V) : -23kg / -26kg / -29kg / -33kg / -37kg / -44kg / +44kg - Minimes (L sy V) : Sokajy rehetra - Cadets (V) : -37kg / -41kg / -44kg - Juniors (L) : -45kg / -59 kg / -63kg / -68kg / -73kg - Juniors (V) : -55kg / -59kg / -63kg / +68kg - Seniors (L) : -58kg / -63kg / -68kg / -74kg / -80kg / -87kg - Seniors (V) : -46kg / -53kg / -57kg / -62kg / -67kg / +73kg.

Fiantraikan'ny fiovan'ny toetr'andro

# Hivoaka ato ho ato ny horonan-tsary fanadihadiana

*Manamafy ny fomba fijerin'ny tsirairay ny fanadihadiana nataon'ny manampahaizana momba ny fiarahamonina ao anatin'ilay horonan-tsary.*

« *Les effets du Changement Climatique ressentis à Antananarivo Renivohitra* ». Io no lohatenin'ilay horonantsary fanadihadiana notontosain'ny fikambanana Mahatsangy, izay mamintina ny fahatsapan'ny olona eto an-drenivohitra ny fiovan'ny toetr'andro sy ny hevitry ny manampahaizana mikasika izany ary indrindra ny fomba hiatrehana azy. Maharitra 45 minitra ity horonan-tsary ity , izay amin'ny teny malagasy ranoiray ary misy fanazavana amin'ny teny angilsy sy amin' ny teny frantsay eo ambany, araka ny nambaran'Atoa Johary, mpandrindra ny tetikasa eo anivon'ny fikambanana Mahatsangy. Eo ampamaranana tanteraka ny horonan-tsary izy ireo amin'ity herinandro ity, ary hanolotra izany eny amin'ny foiben'ny Arrupe Madagascar, izay tompomarika tamin'ity tetikasa ity. Ireto farany no hanaparitaka izany amin'ny fomba rehetra sy amin'ny toerana maro mba hampahafantarana sy hanentanana ny rehetra.

**Manjavozavo**

Mahatsapa ireto ekipan'ny Mahatsangy izay nanao ny fanadihadiana ireto, fa maro no mahafantatra ny fiovan'ny toetr'andro, saingy manjavozavo ny fahafantarany azy. Hita taratra ihany koa ny hantsana manasaraka ny sarangan'olona amin'ny fanakaran-kevitra mikasika ny fiovan'ny toetr'andro. Karazan'olona marobe ; sokajin-taona maro samihafa ; sarangan'olona tsy mitovy ; fari-pahaizana marolafy no niantefan'ny fanadihadiana ka nahafahan'izy ireo namoaka ilay horonan-tsary fanadihadiana. Mizara telo miavaka tsara rahateo ilay horonan-tsary : voalohany, mikasika ny fiovan'ny toetr'andro ; faharoa ny fahatsapan'ny sokajin'olona azy (taona, fahaizana, saram-piarahamonina,...) ary farany ny toro-hevitra haroson'ny manam-pahaizana isan-tokony. Andrasana izany izao ny fipariahany ato ho ato !

**Fy**

Banky foiben'i Madagasikara

# Mandeha ny fanendrena ny Governora vaovao

*Efa tao anatin'ny tapa-bolana mahery no nandeha ny vaovao fa nametra-pialana ny Governora teo aloha.*

Mihazakazaka ny toe-draharaha eo anivon'ny Banky foiben'i Madagasikara. Efa mandeha ny fanendrena ny Governora vaovao hitantana ity rafitra ity, satria raha ny vaovao azonay dia efa nankatoavina ny fametra-ham-pialan'ny Governora teo aloha ary nandrasana tao anatin'ny filankevitry ny minisitra omaly ny didim-panjakana manafoana ny fanendrena azy sy ny didim-panjakana manendry ny Governora vaovao. Tamin'ny fotoana nanoratanay ity vaovao ity, dia mbola tsy nivoakatra ny tatitry ny filankevitry ny minisitra, saingy raha ny vaovao azonay hatrany dia tompo-nandraikitra efa niasa teo anivon'ny Tahirim-bola iraisam-pirenena no hitantana ity rafitra ity. Manjavozavo ihany ny zava-misy eo anivon'ny Banky foibe, satria efa tao anatin'ny tapa-bolana mahery no nandeha ny vaovao fa nametra-pialana ny Governora teo aloha. Tsy nisy nety nanamarina io vaovao io mihitsy tao anatin'izany fotoana izany, ary mbola nijanona hono-hono ny fametraham-pialany. Nisy vaovao tany ivelany nilaza mihitsy fa nolavina ny fametraham-pialan'ity tomponandraikitra ity. Marihina fa tamin'ny volana novambra 2019 no nandray ny toerany ny Governora teo aloha ary amin'ny volana novambra amin'ny taona 2024 vao tokony ho tapitra ny fepotoam-piasany. Sarotra ny andraikitra sahanin'ny Banky foibe, satria manaramaso ny fivoaran'ny fisondro-bidim-piainana sy manatanteraka ny politika arabola mifanaraka amin'ny fivoaran'ny toekarena.

**R. Muray**

Fihanaky ny " Covid-19 " any Sina

# Ahiana hampitotongana ny vidin-tsolika, efa tafidina 74 Dôlara ny vidin'ny barila



**Iankinan'ny toekarena maneran-tany ny solika.**

Any Sina ny mason'izao tontolo izao. Mampanahy ireo firenen-dehibe maneran-tany ny toe-draharaha ara-pahasalamana ao amin'ity firenena ity ankehitriny. Niverina nihanaka ny "Covid-19" taorian'ny fanalefahan'ny mpitondra fanjakana ny fepetra ara-pahasalamana "0 Covid-19" sy ny fisokafan'ity firenena ity amin'ireo firenena manodidina azy indray taorian'ny fihibohana. Araka ny vaovao mandeha any ivelany, dia ahiana hampihena ny tinady na ny fanjifana solika eo amin'ny tsena iraisam-pirenena sy hampitotongana ny vidin'ny solika ny fiverenan'ny krizy ara-pahasalamana ao Sina. Iaraha-mahalala fa i Sina no manana ny tanjaka ara-toekarena faharoa maneran-tany. Mitàna ny laharana fahenina amin'ny famokarana solika maneran-tany, saingy laharana faharoa amin'ny fanjifana solika maneran-tany. Omaly, teo amin'ny 74 Dôlara (eo amin'ny 330 974 Ariary) ka hatramin'ny 79 Dôlara (eo amin'ny 353 337 Ariary) ny vidin'ny barila 149 litatra iray. Tsiahivina fa efa tafakatra tany 130 Dôlara ny vidin'ny solika tamin'ny volana may 2022 noho ny fipoahan'ny ady teo amin'i Rosia sy Ikraina. Ary efa tafidina ambanin'ny 20 Dôlara noho ny krizy ara-pahasalamana maneran-tany tamin'ny taona 2020, ka nampihena ny fihodin'ny indostria sy ny fanjifana solika teto amin'izao tontolo izao. Mbola tsy nandray fepetra hoentina miaro ny vidintsolika anefa ireo firenena mpamokatra solika maneran-tany. Tamin'ny fotoana nisian'ny fihibohana maneran-tany manko dia nanapa-kevitra ireto farany nampihena ny famokatra ho fitsinjovana ny vidiny.

**Nangonin'i R. Muray**

Fiakaran'ny vidim-piainana

# "Misy tetikasa hanohanana ireo tokantrano marefo", hoy ny DGPS



**Tanjona ny hanamaivanana ny vesatra iainan'ny tokantrano marefo, hoy Atoa DGPS. (Sary : HAR)**

*"Efa misy ny vinavina tetikasa hiatrehana ny fiakaran'ny vidim-piainana fa ny dingana ara-panjakana ny amin'ny hanatanterahana izany sisa no andrasana hanombohana azy. Ity tetikasa fiahiana sosialy iray ity dia hahenika ny distrika 119 satria araka ny voalazan'ny Filoham-pirenena dia tsy misy distrika hadino ka noho izany dia hahazo ny anjara tokony ho sitrahany avokoa ireo Malagasy hahazo izany"*, hoy Atoa Rivomanana Tsarahita Ghisbert, tale jeneralin'ny fiahiana sosialin'ny Minisiteran' ny mponina taminay. Raha ny fangatahana tonga ao amin' ny Minisiteran'ny mponina dia maro saingy raha ny fanazavana azonay dia ny ho enti-manana tsy ho ampy hanomezana fahafaham-po 100 isanjato ny olona rehetra isaky ny Faritra sy distrika tsirairay. "Mahazo matoky anefa ianareo fa hanao izay vitanay izahay mba hampitombo ny tahan'ny fisitrahan'ireo tokontrano tena marefo izay nisy fiantraikany teo amin'ny fitadiavany ny fikaran'ny vidim-piainana indrindra ny fiakaran'ny vidin-tsolika", hoy hatrany ny DGPS taminay. Ankoatran'ity tetikasa ity moa dia mitohy hatrany ireo efa tetikasa izay arindran'ny Minisiteran'ny mponina, tanterahan'ny FID ary vatsian'ny Banky iraisam-pirenena vola amin'ireo Faritra sy distrika izay efa iasana amin'izany.

**Heriniaina A.**

Fanabeazana

# Hiditra amin'ny roa volana fahatelo ny mpianatra

Miditra ny alatsinainy 9 janoary izao ny ankamaroan'ny mpianatra rehetra indrindra ireo miankina amin'ny fanjakana. Manomboka amin'io fotoana io ihany koa ny roa volana fahatelo ho an'ity taom-pianarana ity ary mifarana ny 24 febroary 2023 izany. Eo anelanelan'ny roa volana fahatelo sy fahefatra anefa no hanamarihana ny andron'ny sekoly ka hisy fialan-tsasatra manomboka ny 22 febroary hatramin'ny 5 martsa 2023. Hanomboka ny 6 martsa hatramin'ny 7 aprily 2023 kosa ny roa volana fahefatra. Iarahan'ny rehetra mahita fa ireo roa volana ireo no tena herin'ny fanabeazana indrindra ho an'izay mpianatra hiatrika ny fanadinam-panjakana. Fotoana hanamafisana izay tsy hay sy hamerenana ary hanazaran-tena kosa ny roa volana fahadimy farany. Mikasika ny fanadinam-panjakana CEPE kosa, hisokatra ny 23 janoary 2023 izao ny fisoratana anarana ho an'izay mpianatra Malagasy rehetra hiatrika izany. Hatreto tokoa mantsy, mbola nohamafisin'ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena fa misy foana ny CEPE manerana ny Nosy. Mifarana ny 30 martsa 2023 izany fisoratana anarana izany. Ho an'ny fanadinam-panjakana BEPC kosa, hanomboka ny 31 janoary 2023 ny fisoratana anarana ary mifarana ny 31 martsa 2023 izany. Mila miomana dieny izao amin'ireo dosie rehetra ilaina fa tsy rehefa akaiky hifarana vao mikorapaka ny rehetra.

**Nath**

Lalam-pirenena faha-34

# Mihotsaka ny eo anelanelan'i Miandrivazo sy Ambatolahy



**Toy izao ny fahavoazan'ny lalam-pirenena eto amintsika amin'izao fotoana izao.**

Anisan'ny lalana tsy nisy fikarakarana mihitsy iny lalana mampitohy an'Antsirabe hatrany Morondava iny. Rehefa vanim-potoanan'ny fahavaratra, matetika misedra olana izany lalam-pirenena izany satria tsy misy ny fikarakarana. Ny talata alina, nihotsaka ny lalana eo anelanelan'i Miandrivazo sy Ambatolahy araka ny fanazavan'ny olona. Raha ny zava-misy iainana mantsy, tsy any amin'iny toerana iny ihany no misy fihotsahan'ny lalana fa anisan'ny goavana tsy misy mpijery ihany koa any amin'iny lalam-pirenena fahafito mivoaka kely an'Ilakaka izay arabe iray manontolo no lasan'ny rano taorian'ny fandalovan'ny rivodoza herintaona lasa izay. Ny azo antoka, rehefa mandeha amin'ny lalam-pirenena rehetra eto amintsika ankehitriny dia mila miomana amin'izay fahasimbana fiara na fihotsahan'ny lalana ary mampitombo ny vola any ampaosy. Tanjona amin'izany ny mba tsy ho tampohin'ny loza na fahatarana raha sendrasendra misy ny olana. Mazava ho azy fa mampitombo ny fotoana lany eny an-dalana izay antony iray tsy mampandroso firenena ny faharatsiandalana. Ny FER rahateo hatreto tsy ahenoana tatitra mihitsy hatreto kanefa raha ny fahavoazan'ny lalam-pirenena rehetra mihitsy no potika ankehitriny.

**Nath**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, TV, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 433/20-2)

* Debara, frigo, fanaka, TV, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 432/15-2)

### COURS

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 430/4-4)

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-1)

* Cours de coiffure accéléré Isotry Ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-1)

* Fampianarana manety lehilahy " Coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-1)

### FORMATION

* Format° pâtisserie, 1 mois : 50.000Ar. Pâte de base, décorat°, biscuit. 67Ha. Tél : 034.17.246.97. (G-BA 436/5-1)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse sept, puisard, réparat°, réhabilitat°. Tél : 034.16.145.06 / 034.47.024.33. (G-BA 416/10-5)

* Vidange fosse septique, puisard, wc gasy, wc perdu Makiplast. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 425/15-15)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 424/20-15)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 431/5-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 431/5-2)

* Manao ny asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 431/5-2)

Ilaka Centre

# Fiara nilatsaka anaty rano, tsy hita popoka ny mpamily

*Olona 7 no tao anatiny fa avotra avokoa afa-tsy ilay mpamily izay mbola tsy hita popoka.*


Ilay fiara tra-doza.

Nitrangana lozam-pifamoivoizana nahafatesana olona tao amin'ny fokontany Antanimenakely kaominin' Ilaka centre, distrikan' Ambositra, Faritra Amoron'i Mania, omaly tokony tamin' ny 5 ora maraina. Ilay mpamily moa io tsy hita nanjavonana io fa ny mpandeha 6 ambiny tao anatin'ilay fiara kosa naratra saingy tsy misy ahiana fa salama tsara rehefa notsaboina. Ilay fiara ihany koa potika tanteraka ary tavela tao anaty rano ny lohany. Araka ny angombaovao dia mbola tsy hita ilay mpamily fa any anaty rano amin'izao fotoana izao. Mpianakavy avy namonjy fahoriana (nandevina) tany Farafangana ireto niharandoza ireto. Rehefa handeha hody izy ireo no tra-doza ka tafavoaka lalana ny fiara ary niafara tany anaty rano. Olona 7 no tao anatiny fa avotra avokoa afa-tsy ilay mpamily izay mbola tsy hita popoka.

**Sarotra**

*"Hatramin'ny omaly dia mbola manao ny fikarohana azy any anaty rano ny vatandehilahy zana-drano eny antoerana. Hita fa miray hina tanteraka ny mponina amin' ny fikarohana ilay mpamily. Efa natao ihany koa ny fombafomba mba hanamorana ny fitadiavana azy saingy tsy mbola nahitam-bokany. Ilay renirano rahateo mandeha ary miakatra be ny rano satria avy ny orana tany amin'iny faritra iny ka io no anisany antony mampanano-sarotra ny fikarohana azy " :* hoy ny loharanombaovao. Marihina fa mbola tsy fantatra mazava izay tena antony nahatonga ny loza. Ny zandarimariam-pirenena no mandray an-tanana ny tohin'ny fanadihadiana.

**Ariel D.**

Vontovorona

# Mpivarotra voasoloky merkiora hosoka, very vola 5 400 000 ariary

Mpivarotra iray teny Vontovorona no lasibatry ny merkiora hosoka ka voasoloky vola mitentina 5 400 000 ariary. Olona roa no tonga tany an-tsenany, nitondra ranon-javatra tamin'ny tavoahangy mifono sachet mainty nohodidinina scotch izay nolazainy fa merkiora amidy. Dia nanao andrana tamin'ilay tsiranoka teo imasony izy ireo sy niezaka nandresy lahatra an'ilay ramatoa. Resy lahatra tokoa ravehivavy ka natoky fa tena merkiora io ka nisy ny fiaraha-miasa teo amin'ny roa tonta ary dia nasain'ireo olona ireo nanome io vola an-tapitrisany maromaro io aloha izy. Nomen'ireo mpisoloky fampanantenana rahateo izy fa hahazo 10 isanjaton'ny amin'ny tena vidin' ilay merkiora rehefa lafo. Dia nanome ilay vola tokoa izy kanefa vantany vao azon' ireo mpisoloky ilay vola dia tsy hita popoka izy ireo taorian'izay.

**Famotorana**

Nametraka fitoriana tany amin'ny zandary ilay voasoloky ka rehefa nandeha ny fanadihadiana dia niroso tamin'ny fisamborana ireo mpitandro filaminana ka tratra teny Anosy ny alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 8 ora alina ny lehilahy iray. Nentina nofotorana io ary voalaza fa niaiky ny heloka nataony ary nanonona olona roa hafa. Omaly tokony ho tamin'ny 5 ora maraina no tra-tehaka tany Anjanahary ihany koa ireo. Taorian'ny famotorana tany amin'ny zandary dia niakatra fampanoavana omaly ny raharaha.

**T.H**

Ivandry

# Lehilahy tratra nangalatra saika niharan'ny fitsaram-bahoaka

Lehilahy iray 38 taona tratra nangalatra no saika niharan' ny fitsaram-bahoaka teny Ivandry omaly tokony ho tamin'ny 6 ora maraina. Nitangorona ny fokonolona ary efa saika niharan'ny daroka sy vono teo ralehilahy no tonga ny polisy avy ao amin'ny kaomisarian'ny boriborin-tany fahavalo eny Analamahitsy. Raha vao niseho mantsy ity tranga ity dia nisy nampandre avy hatrany ireto farany ka vantany vao naheno izany izy ireo dia nandeha haingana nidina ifotony tany amin'ilay toerana. Tamin'ny fotoana nahatongavan'ny polisy teny dia hitan'izy ireo efa vory lanona ny olona ary efa saika niharan'ny fitsaram-bahoaka ity lehilahy ity. Araka ny fantatra dia tratra ambody omby teo am-pangalarana ireo fanitson'ny tsena eo Ivandry Pullman ralehilahy. Nisy nahatsikaritra io asa ratsiny io ka rehefa nahafantatra izy fa nisy nahita dia lasa nandeha nitsoaka. Tsy namelan'ny olona anefa fa nifanenjehana ka tratra ihany nony farany. Amin'izao fiantombohan' ny taona izao moa no tratra ity lehilahy ity ka efa nasian' ireo fokonolona soratra hoe «mpangalatra 2023» teny aminy. Nentina avy hatrany tany amin'ny polisy izy ho fiarovana ny ainy ary notanana tany. Efa nametraka fitoriana rahateo ilay niharam-boina. Mitohy ny famotorana eo anivon'ny polisy mialoha ny hitondrana ny raharaha eny amin'ny fampanoavana.

**T.H**

Faritra Atsimo Andrefana

# Fatim-borona an-jatony nanaitra ny mponina ao Nosy Ve


Ireo fatim-borona.

Nahataitra ny mponina sy ny mpiaro ny tontolo iainana ny fahitana fahafatesan'ireo vorona « *pailles en queue rouge* » ao Nosy ve any amin'ny kaominina Anakao distrikan'i Toliara II, faritra atsimo andrefana. Efa herinandro maromaro izao no nahatsikaritra fa matimaty ireo vorona ireo, izay lazaina hoe vorona fady na "vorompaly" hoy ny mponina. Rehefa nidina nanao ny fanadihadiana anefa ny tomponandraikitra dia fihazana no nahatonga izany. Misy mihinana ireo vorona ireo ary ny tena mampihoron-koditra sy mampalahelo dia vonoiny ireo vorona saropady ireo ka ny lohany sy elany ary tongony tapahiny fa ny vatany no haniny. Zavatra tsy fahita hatrizay ity miseho any amin'ny faritra atsimo andrefana ity satria amin'ny maha vorona fady azy dia tsy azo hanina kanefa dia izao viravirain'ny olon-dratsy izao izany.

**Vonoin'ny olon-dratsy**

*« Tsy mahay mandeha izy ireo rehefa an-tanety fa kosa mahay izy rehefa eny ambony ranomasina ary mora samborina satria vorona tsy mba mihazakazaka. Marihina fa ny tena toerana atoriany sy anatodizan'ireo « pailles en queue rouge » ireo dia amin'ny ilany atsinana akaiky « Accueil » fa vonoin'ny olon-dratsy amin'ny toerana tsy andalovan'ny mpizahan-tany ilay izy satria tsy misy lalana fandalovana. Iray volana teo ho eo raha araka fijery azy no nanomboka nisy izao tranga izao ary tombanana efa ho 120 isa ny vorona efa tena rehefa niasina tsara » :* hoy ny fanazavan'ny tomponandraikitra any an-toerana. Nilaza ny hanamafy ny fiambenana ny toerana misy an'ireo vorona ireo ao Nosy ve, ny manampahefana sy mpitandrofilaminana . Hametraka fitoriana ihany koa.

**Ariel D.**

Andrefan'Ambohijanahary

# Tra-tehaka ilay tovovavy mpivarotra rongony

Vehivavy iray 20 taona nivarotra rongony no voasambotry ny polisy miady amin'ny zava-mahadomelina teny amoron'ny lalam-by Andrefan'Ambohijanahary afakomaly tokony ho tamin'ny 11 ora antoandro. Nahazo loharanom-baovao ny polisy mikasika ny fisian'ny olona mamatsy rongony eny amin'io faritra voalaza etsy ambony io ka rehefa nandeha nidina ifotony teny amin'ilay toerana voatondro izy ireo dia niditra tao amin'ny trano iray ka tratra nivarotra rongony tao ity vehivavy ity. Nandritra ny fotoana nahatongavan'ny mpitandro filaminana teny dia nisy olona maromaro mifamezivezy sy andian-tovolahy ihany koa no hita teny akaikin'ity tranon-dravehivavy ity. Niroso tamin'ny fisavana ny polisy avy eo ka nandritra izany no nahitana rongony 78 fonosana sy 300 grama tra-tehaka tao. Nentina tany amin'ny birao natao famotorana ilay vehivavy taorian'izay ka nandritra izany no nilazany fa eny Ambohimanarina no hakany ireo zava-mahadomelina ireo ary isaky ny roa andro izy no mankeny. Tsinjarainy ho fonosana izany avy eo ary amidiny amin'ireo olona manjifa ao aminy. Fantatra fa teo amin'ny dimy volana teo izay no nivarotan'ity vehivavy ity rongony dia izao sarona izao.

**T.H**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Adama*



## Hatsikana an-tsary

*Jiolahy*




### Masoandro Miposaka

**Salamo 51 : 6**

Indro, fahamarinana ao am-po no sitrakao; ary fahendrena ao amin'ny miafina no ampahafantarinao ahy.


### Indray mipika

TAMA-MIRAY TOY NY TSINDRANOLA HY ANKENIHENY.



Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




*Tantara sy sary:* Nil

### Ohabolana



**Kalon'ilay moana : am-po no mametsovetso.**

La complainte d'un muet : c'est dans son cœur qu'il la chante.

### Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2843

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | 2 | | | | 1 |
| | | | 1 | | | 5 | | |
| 9 | | | | 8 | 6 | 3 | | |
| | | 6 | | | | | | |
| | | | | | 4 | | 8 | 5 |
| 5 | | | | | 9 | 7 | 2 | |
| 3 | 8 | | 4 | 5 | | | | |
| | | | | | | | 5 | 4 |
| | | | | 1 | | | | |

Valin'ny laharana 2842

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 4 | 2 | 3 | 7 | 5 | 6 | 9 | 8 |
| 7 | 3 | 6 | 8 | 9 | 4 | 2 | 1 | 5 |
| 5 | 8 | 9 | 2 | 1 | 6 | 4 | 3 | 7 |
| 4 | 9 | 5 | 1 | 8 | 7 | 3 | 6 | 2 |
| 3 | 6 | 8 | 9 | 4 | 2 | 5 | 7 | 1 |
| 2 | 7 | 1 | 5 | 6 | 3 | 9 | 8 | 4 |
| 9 | 5 | 4 | 7 | 3 | 8 | 1 | 2 | 6 |
| 6 | 1 | 7 | 4 | 2 | 9 | 8 | 5 | 3 |
| 8 | 2 | 3 | 6 | 5 | 1 | 7 | 4 | 9 |

Mahery Lanto Manandafy

# Naverina eny amin'ny fonjan'Antanimora indray omaly

*Raharaha niampangana an'i Mahery Lanto Manandafy efa ho 3 taona lasa.*

Efatra andro aorian'ny nivoahan'i Mahery Lanto Manandafy am-ponja dia naverina eny Antanimora indray io mpampaneno lakolosy, eny amin'ny tambajotra sôsialy io. Araka ny vaovao navoakan'ny vadiny dia nantsoin'ny sampana misahana ny ady heloka bevava, eo anivon'ny Zandarimariampirenena, eny Fiadanana i Mahery Lanto Manandafy. Didy fisamborana mitondra ny laharana 1375-RP/20/IS/PR/V no nampiharina taminy, datin'ny 1 janoary lasa teo. Tsiahivina fa ny 31 desambra lasa teo no afaka nanao fety malalaka niaraka tamin'ny vady aman-janany i Mahery Lanto Manandafy. Fanamarihana nataon'i Doris Rakoto Samuel vadiny, tao anatin'ny pejy « facebook » fa tsy nanao afa-tsy nanatanteraka ny asany ny mpitandro filaminana ka tsy izy ireo no tokony hohenjehina fa izay nanome baiko. Iretsy farany anefa, raha ny vaovao miparitaka dia mbola mifamahofaho ka mbola tsy ahafantarana hoe : Inona indray no antony namohazana tampotampoka teo ny raharaha niampangana an'i Mahery Lanto Manandafy efa ho 3 taona lasa? Izao fisamborana azy izao ve misy ifandraisany amin'ilay raharaha basy sy bala, nanenjehana azy ho nanaparitaka vaovao tsy marina teny amin'ny tambajotra sôsialy? Sa fifanojoanjavatra fotsiny no nisamborana azy, amin'izao fotoana iresahana betsaka momba io raharaha voalaza eo ambony io indray ? Heverina fa ho fantatra tsy ho ela ny valin'ireo fanontaniana ireo.

V.R.

Iavoloha

# Nifampiarahaba tratry ny taona ny Filoham-pirenena sy ny governemanta

Ny volana janoary toy izao, dia natokana hifampiarahaban'ny mpianakavy, ny mpiray asa, ny mpinamana, ny mpiara-monina nahatratra ny taona. Tsy mahagaga raha hanao rano lava ny fifampirariantsoa, amin'ity volana ity. Taorian'ny birao politika Tiako I Madagasikara ny alatsinainy teo dia nanao ny azy ihany koa ny mpikambana eo anivon'ny governemanta omaly, niarahaba sy nirary soa ny Filoham-pirenena, teny amin'ny lapam-panjakana Iavoloha. Nahazoambaovao fa amin'ity herinandro ity ihany no hifampiarahaba tatry ny taona, eny amin'ny lapam-panjakana Iavoloha ny Filoham-pirenena mivady, ny Filohana Andrimpanjakana, ny mpikambana ao amin'ny governemanta ary ny masoivoho vahiny miasa sy monina eto amintsika. Etsy andanin'izany, mbola tsy nahenoam-baovao kosa raha hisy ny lanonabe hanasana olon-kafa hifampiarahabana eny Iavoloha. Heverina fa mety ho anisan'ny antony, raha tena tsy hisy izany dia ny politikan'ny fitsitsiana. Raha ny zava-nisy, taona maromaro mantsy, nampiaka-peo ny olon-tsotra rehefa nandre fa maherin'ny 1 000 hatrany olona nasaina, niaranisakafo teny Iavoloha. Tranga nambaran'izy ireo fa fanesoana ireo vahoaka tsotra mitrongy vao homana izay tokony hojeren'ny fanjakana manokana, satria tena milomano ao anatin'ny fahantrana.

Mamy R.

Noho ny fitiavan-tseza

# Tsy mahagaga raha mizarazara sy rava ho azy ny antoko goavana

Samy mahatsikaritra ny rehetra fa tsy araka ny firoboroboan'ny antoko politika tafatsangana eto ny laharan'i Madagasikara amin'ny resaka fandrosoana. Mahatonga antsika hilaza izany fa tsy ny hampandroso ny firenena no katsahan'ny mpanao politika sasany fa ny tombontsoany manokana. Raha atao ny jery todika, ny ankamaroan'ny antoko politika eto, dia natsangana sy noforonina mba hangalana toerana fotsiny ihany ka rehefa tsy eo amin'ny fitondrana intsony ny mpitarika dia rava ho azy ny antoko nisy azy. Raha tsy hiresaka afatsy ny fanomanana ny fifidianana filoham-pirenena, hotanterahana amin'ity taona ity, izao isika dia tsy takona afenina intsony fa efa manomboka miparitaka ny vola, hany ka any amin'izay misy izany no ihazakazahan'ny mpanao pôlitika ary tsy mampaninona azy ireo na hizara firy na hizara firy ny antoko misy azy. Tsy mahagaga araka izany raha tsy mitsahatry ny mitriatra, arakaraky ny tombontsoan'ny mpikambana ao aminy ny antoko goavana eto. Ho an'ny Tiako I Madagasikara izao, na dia ezahana takotakonana aza dia miharihary ny fizarazarana eo anivon'ny antoko. Loharanom-baovao avy eo anivon'ny antoko no ahafantarana fa misy mitady hisongona mba tsy ilazana hoe hamingana an'Ing. Marc Ravalomanana amin'ireo mpanaradia azy. Ambonin' izany, nanomboka nisintaka ny antoko ny depiote Hanitra Razafimanantsoa sy ry Fidele Razara Pierre satria dia tsy tazana hatrany ireto olon'ny TIM ireto rehefa misy hetsika karakarain'ny Birao Politika toy ny fifampiarahabana tratry ny taona teny Faravohitra ny alatsinainy teo.

**Samy maka ho azy**

Tsy mifanalavitra amin'izany ny zava-misy eo anivon'ny Hery Vaovao ho an'I Madagasikara, izay mampametrapanontaniana mihitsy hoe iza no mpitarika ary firy sisa ny mpikambana ao, rehefa nisintaka ka namonjy fikambanana hafa ny sasany. Ho an'ny antoko MFM indray, tsy takona afenina ny fizarazarana satria samy naka ho azy ireo mpikambana nandritra ny fankalazana ny faha-50 taona nijoroan'ny antoko ny volana desambra lasa teo. Toy izany koa ny AREMA, indrindra taorian'ny nanendrena andRtoa Sophie Ratsiraka ho mpikamban'ny governemanta. Mikasika izay resaka antoko politika izay hatrany, haniry tahaka ny anana indray ny antoko politika sy fikambanana eto Madagasikara mandra-pahatongan'ny fifidianana 2023. Tato anatin'ny herinandro maromaro izao, tsy vitsy ireo mpanao politika nanangana antoko vaovao hiatrehana izany fifidianana izany. Ny farany teo, nanangana ny antoko "Tsara Tahafina" ry Auguste Paraina, izay mpikambana mavitrika tao amin'ny fanoherana nandritra ny volana maromaro.

Mamy R.

## Marina izany !

### Manohitohina ny hasin'ny asa !

**Vaovao niparitaka teny amin'ny tambajotra sôsialy, tao anatin'ny 48 ora izany ny disadisa eo amin'ireo samy mpampaneno lakolosy. Samy namoaka izay tiany hambara ny andaniny sy ny ankilany. Toy ny fifandirana sy ny fifamaliana rehetra dia samy niezaka nanamarinena sy niaro tena. Tsy hidirantsika lalina eto ny amin'ny hoe iza no manana ny marina ? ary iza no diso ? Tsy maintsy resahina kosa anefa ny fihetsika heverina fa manohintohina ny hasin'ny asa fanaovan-gazety, voarakitra tao anatin'ny lahatsoratra naparitaka teny amin'ny tambajotra sôsialy. Nisy fehezan-teny mantsy tao anatin'ilay lahatsoratra nilaza fa " mahafantatra ilay raharaha anton'ny fifandirana avokoa ny mpanao gazety, saingy mody fanina... ". Nisy mihitsy aza anarana voasoratra tao. Antony maha saro-piaro ny mpikirakira sy mampita vaovao izay na tsy tonga lafatra aza dia miezaka manatanteraka ny asa, ao anatin'ny fanajana ny lalàna manan-kery sy ny etika ary ny deontôlôjia. Ny tanjona dia ny mba hahafantaran'ny olom-pirenena ny zava-misy ao aminy sy any amin'ny firenen-kafa, amin'ny fotoana rehetra, eny fa na ny afenina aza. Ambonin'izany, ny somary manafintohina dia misy amin'ireo manimba ny hasin'ny asa fanaovan-gazety no tsy mpikirakira ilay asa. Raha mitohy mantsy ny fanaparitahana lahatsoratra manonontonona anaran' olona sy vaovao hafahafa toy ireny dia mampametra-panontaniana ny hoe: Ahoana no handraisan'ny olom-pirenena tsotra azy ireny ? Indrindra tsy mbola maro amin'ny mpiray tanindrazana amintsika no manampotoana sy manan-kery hanadihady sy handinika lalina ny zava-misy. Amin'ny ankamaroantsika dia izay voasoratra no marina !**

Voahangy Rakotozafy

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 868 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

### Nofon'akoho sy voasary makirana

**Zavatra ilaina :** nofon' akoho 4, voasary makirana 3, menaka 1 sotro lehibe, sira, dità, moutarde 1 sotro kely

Afangaroy avokoa ireo kojakoja amin'ny sakafo. Somary didina ny nofon' akoho dia ataovy ao anatiny ny voasary makirana notetehina. Hosory ny saosy ny akoho dia lomy 2 ora. Atono avy eo ny hena akoho dia arosoy mafana rehefa avy nasiana dità.

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



*Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.*

Dites cette prière 6 fois/jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

*Remerciements au Sacré-Cœur pour faveurs obtenues.*

G-CL 399/3-1 05/01/23 NGANE ET FAMILLE

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

MVOLA, MON PARTENAIRE PREFÉRÉ AU QUOTIDIEN

*de performance*

2023

EN ROUTE POUR 2023

MCL 8207/2-1